Taombaovao Malagasy

Resaka nifanaovako tamin'ny tompon'ny « compte Facebook » « Taombaovao Malagasy » hitondrana fanazavana mahakasika indrindra io fankalazana io. Somary lavalava ihany nefa inoako fa betsaka tokoa ny azo tsohahina amin'izany koa dia manasa anao amaky hatramin'ny farany.
Azon'ny rehetra atao ny mizara sy mampiasa azy ity am-palalahana.

1. IZA NO AMBADIKY NY « COMPTE » TAOMBAOVAO MALAGASY? AZO FANTARINA VE NY MOMBAMOMBA AZY?

Malagasy mpahay tantara sy nanaraka ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy efa hatramin'ny taona 2009 no namorona ny « compte Facebook » « Taombaovao Malagasy ». Mahatsapa fa ny firaisankinan'ny Malagasy sy ny fanandratana ny maha-malagasy no isan'ny fototra takiana raha tiana ho resy ny fahantrana sy ny fifehezan'ny vahiny ny harempirenena. Nofidiana io solon'anarana « Taombaovao Malagasy » io fa tsy ny tena anarana satria tsy mivoy tsangan'olona fa vonona hanolotanana izay rehetra manohana sy mikarakara ary mankalaza ny Taombaovao Malagasy amin'ny tsinambolana akaiky ny 21 martsa isantaona.

2. AHOANA NY FOMBA FANISANA NY TAONA MALAGASY ? NY FOMBA AHAFANTARANA NY DATIN'NY TAOMBAOVAO MALAGASY? ANTSIKA MANOKANA VE IZY IO SA NALAINA TAHAKA TAMIN'NY HAFA?

Talohan'ny naha-lasa zanatany an'i Madagasikara dia samy nanana ny fanisan'androny ny mponina teto Madagasikara ary samy nanana ny anaram-bolany sy anaran'androny. Ny 3/4 n'io mponina io dia efa nanana fanisan'andro niraisana nanomboka tamin'ny Mpanjaka Radama I ka hatramin'ny Mpanjaka Ranavalona III (1883-1896). Ny ¼ kosa dia nanana ny azy manokana.

Niraisan'ny rehetra kosa anefa fa tsinambolana hatrany no miandoha ny volana iray ary fanisan'andro manaraka ny fihodin'ny volana sady mijery ny fipetraky ireo antokokitana 12 eny amin'ny lanitra indrindra hoan'ireo taranaka tantsambo indoneziana, arabo, bantou, portugais ary indiana ary jiosy.
Niova hatrany koa ny voalohan-taona araka ny mpanjaka nifandimby sy ny tantara niainan'ny mponina tsirairay.
Nofoanan'ny Frantsay izany fankalazana izany tamin'ny taona 1896 ka nosoloany ny 01 janoary. Mandrak'ankehitrio, tsy niraika hamerina ny fankalazana ny fiandohan'ny taona araka ny Malagasy ny mpitondra fanjakana nifandimby.

Nanomboka ny taona 2007 dia niverina nankalaza amin'ny fomba manetriketrika ny Taombaovao Malagasy isika saingy sakana hoan'ny fitadiavana andro iray fankalazana izay tsy hiasana nefa handraisakarama raha toa ka mbola samy hitazona izay heveriny fa tsinambolana voalohany amin'ny taona malagasy ny mponina maro eto Madagasikara.

Ny Akademia Malagasy sy ny Trano Koltoraly Malagasy no samy nilaza fa raiketina ho ny tsinambolana akaiky ny 21 martsa hatrany no Taombaovao Malagasy ary mahafinaritra fa noeken'ny rehetra izany. Manaporofo izany, vohitra maro toa an'Ambohidrabiby sy Ambohimanga Rova sy Andohalo sy Alasora sy Imerimanjaka sy Namehana sy Ilafy sy Avarabary Imeritsiatosika sy Ikianja Ambohimangakely sy any Vohémar sy Antsirabe ary fikambanana maro toy ny Ampanjaka sy Tangalamena sy Sojabe sy Lonaka sy Andriana ary ny Fikambanana Mamelomaso sy Ortana, ny Tahala Rarihasina, sy ny Fikambanana tarihin'i Profesora Rabi sy Atoa Patrick Andriamamy taranak'Andriamisara efadahy sy terak'Atsimo Antsinanana sy ny antoko politika Kintana tarihin'Atoa Tabera Randriamanantsoa sy ny Trano Koltoraly Malagasy ary ny Akademia malagasy ary ny sekoly toy ny Accem dia efa samy resy lahatra fa ny tsinambolana akaiky ny 21 martsa no Taombaovao Malagasy. Fikambanana taranaka iray sisa no tsy miaraka amin'ny maro satria hono efa nankalaza izany tao aorian'ny Mpanjaka Andriamasinavalona (taona 1730) ny razambeny, izany hoe efa 280 taona ary miovaova mety ho septambra, na aogositra na jolay na jiona… ny taombaovaon'io taranaka io izay antsoiny hoe « Alahamadibe ». Omby indray mandry tsy indray mifoha ary saonjo iray lohasaha ka tsy hilaozan'izay hamarara hoy ny fahendren'ny Ntaolo.

Tsara ho marihina anefa fa erantany dia maro ny sivilizasiona tranainy no mampiasa ny fanisan'andro araka ny fihodin'ny volana saingy tsy miova fa mifanandrify hatrany amin'ny volana iray ny taombaovaon'izy ireo. Ohatra : ny sinoa dia eo amin'ny janoary-febroary ; ny jiosy dia amin'ny aprily ; ny silamo dia amin'ny septambra hatrany. Toy izany koa ny etiopiana sy indiana. Hoan'ny Akademia Malagasy dia efa fantatra

tamin'ny fampiasana ny solosaina avo lenta toy ny ao amin'ny YOGA eny Ambohitsaina ny andro fankalazana ny taombaovao malagasy mandritra ny 50 taona hoavy, milina avo lenta izay afaka mikajy ny volana sy andro sy ora sy minitra sy segonda maha-tsinana ny volana isaiky manakaiky ny équinoxe ny 21 martsa. Hita amin'ny boky navoakan'ny Akademisiana Randrianarivelo izany daty izany. Hoan'ny Trano Koltoraly Malagasy kosa dia araka ny fanisan'andro sy ny fihodin'ny volana ary ny fipetraky ny volana sy ny antokokitana 12 eny amin'ny lanitra no hamaritany izany. Misy tsinambolana 12 amin'ny taona iray ka rehefa tsinana ny volana ka mifanandrify ny volana sy ny antokokitana alahamady eny amin'ny lanitra ary ny masoandro raha jerena avy ety antany dia tsinambolan'alahamady izany. Io fifanitsiana io dia isaiky ny tsinambolana akaiky ny 21 martsa hatrany.

Diso arak'izany ny filazan'ny hafa fa amin'ny jolay 2014 ny tsinambolana alahamady nefa amin'io jolay io ilay volana tsinana dia mifanandrify amin'ny antokokitana asorotany, ohatra, raha jerena avy ety antany fa tsy misy toe-javatra miseho manokana mahakasika ny antokitana alahamady.

Misy ny alimanaka navoakan'ny Trano Koltoraly Malagasy momba ny daty isan-taona. An'ny Malagasy manokana ny fankalazana ny taombaovao fa tsy nindramina tamin'ny vahiny akory. Ary efa fetim-pirenena niarahan'ny 2/3 Malagasy nankalaza izany nandritra ny taonjato faha-19. Fomban'ny taombaovao fa tsy vahiny akory no nolovaintsika ny harendrina sy ny fanomezana ny vodiakoho ny Raiamandreny sy ny tsodrano ny zanaka ary ny fifamelana sy fanamafiasana orona ny fihavanana. Tsapan'ny Frantsay fa fomba tena mitahiry ny maha izay azy ny Malagasy ny fankalazana ny

taombaovaontsika koa tsy niandry fotoana ela fa ny taona 1896 ihany dia nofoanany izany ary nasolony ny 01 janoary.

3. TAOMBAOVAO MERINA VE SA TAOMBAOVAO MALAGASY?

Ny Taombaovao Malagasy dia tsy taombaovao merina. Manaporofo izany :

Voalohany, ara-tantara dia tsy nampiasa ny teny hoe « Taombaovao » ny Ntaolo fahizay fa « tonontaona » no fiteny. Nivoatra hatrany ny fiantso ny tonontaona hoan'ny mponina tany Imerina. « Alahamadibe » nanomboka tamin'ny Mpanjaka Ralambo (1575-1610) ka hatramin'ny Andrianampoinimerina (1787-1810). Nisy fety hafa koa mitondra anarambolana toy ny « Alakaosibe » sy ny « Adijadibe » izay natao hanandratrana ireo sampin'ny vahoaka. Arak'izany, ireny fety mitondra anarambolana ireny dia misy resaka fanompoantsampy sy vavaka amin'ny razana. Rehefa niditra ny fivavahana kristiana nanomboka ny taona 1810 dia tsy nazoto nampiasa intsony ilay anarana hoe « Alahamadibe » ireo Mpanjaka izay efa lasa kristiana fa « Fandroana » no niantsoana ny tonontaona. Niaraka tamin'izany dia najanona ireo fanompoantsampy sy fivavahana amin'ny razana mandritra ny fankalazana. Tamin'ny Ranavalona III dia nataony isaiky ny andro fitsingerenan'ny nahaterahany, ny 22 novambra, ny « Fandroana » ka « Asaramanitra » no fiantso izany vanim-potoana maha-manitra ny asara io. Arak'izany, ny anarana hoe « Taombaovao Malagasy » dia tsy mivoy ny resaka « alahamadibe », sy « fandroana » sy asaramanitra » mba hiavahany tanteraka amin'izany.

Faharoa, ny « Taombaovao Malagasy » dia ankalazaina isaiky ny tsinambolana akaiky indrindra ny 21 martsa fa tsy ny 22

Novambra nataon'ny Ranavalona III akory. Satria tsy ny fifamatorana amin'ny Mpanjaka merina no voizina fa ny fanamafisana ny fihavanana eo amin'ny samy Malagasy noho ny « Taombaovao Malagasy» tsy anavahana foko sy finoana sy fiaviana ary firazanana.

Farany, ny fomba fankalazana ny Taombaovao Malagasy dia tsy milaza mihintsy fa araka ny fomba merina no anaovana izany fa malalaka sy miankina tanteraka amin'ny mpikarakara sy ny faritra ary amporisihina ny haka volontany eraky Madagasikara izany. Ankoatra izany, afaka mankalaza izany amin'ny fombany ny antokompinoana tsirairay : ny silamo amin'ny fomba silamo, ny kristiana amin'ny fomba kristiana. Ny mpanatalenta sy ny sehatr'asa tsirairay koa dia afaka mankalaza izany araka ny fombany : ny mpandihy toy ny amin'ny Tahala Rarihasana dia manao seho dihy eo amin'ny lalana manoloana ny Tahala Rarihasina. Ny toerana mpikarakara sakafo dia manao sakafo arahan-danonana rehefa tonga izany. Ny mpianatra kabary ao amin'ny Fjkm Ambohidrabiby dia manao seho don-tany kapo-tandroka rehefa tonga ny Taombaovao Malagasy.

4. INONA NO ANTONY TSY AHAFANTARAN'NY BE SY NY MARO NY FISIAN'IZY IO?

Voalohany dia nankalaza ny « Alahamadibe » hatrany ny any ambanivohitra rehetra saingy miafina satria noenjehin'ny fiaraha-monina ho mpanompo sampy izy ireo. Ny fandroana koa dia foana rehefa voazanaka i Madagasikara.

Faharoa, niniana tsy nampianarina tany antsekoly ny fankalazana ny Taombaovao malagasy satria tsy tiana hiverina amin'izany fototra mikajy ny fihavanana izany ny Malagasy.

Ary farany dia mbola kely ny enti-manana ka mbola eto amin'ny faritr'Antananarivo no mbola voaentana. Ankehitrio dia efa mihamaro ny Malagasy no miresaka ny Taombaovao Malagasy, mankasitraka na manohitra, satria efa samy miresaka izany ny haino amanjery noho ny ezaka nataon'ny Trano Koltoraly Malagasy sy ireo mpiara-dia aminy. Efa mihamaro koa ny miseho imasombahoaka mankalaza izany satria hitany fa azo atao tsara ny mankalaza izany amin'ny fomba mety amin'ny tsirairay.

5. ILAINA VE NY FAMERENANA AZY IO? RAHA ENY, INONA NO FOMBA ENTINAREO HANATANTERAHANA IZANY?

Eny, antony 3 lehibe no ilaina ny famerenana ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy.

Voalohany, tsy toy ny fankalazana ny 01 janoary izay miompana amin'ny koràna isan'ankohonana ny fankalazana ny tonontaona teo amin'ny Ntaolo Malagasy satria ny taombaovao malagasy dia fotoana hanadiovana ny fo sy ny saina sy ny manodidina, hamerenankasina, handravonana ny disadisa ka na mpivady misitaka aza mifamerina, hanamafisana ny fihavanana eo anivon'ny ankohonana sy ny fiarahamonina sy ny firenena. Amin'io taombaovao io ihany no manao kimandrimandry ny Ntaolo, izay fotoana fohy izay nanafoanana tanteraka ny fisarahana ara-pirazanana sy ara-poko sy ara-piarahamonina mba hanamafisana orina ny fiarahamonina. Mazava fa tsy hatao intsony izany kimandrimandry izany ankehitrio.

Faharoa, fomba iray azo atao tsara hanatsarana ny toe-karena malagasy ny fankalazana izany satria hampiroborobo ny

asatanana sy ny fandraharahana ara-pizahantany izany amin'ny fahatongavan'ny vahiny amantapitrisa maro avy any andafin'ny riaka.

Ary farany, ny firenena matanjaka sy manandaza rehetra dia nitazona ny taombaovaony avokoa. Ireo firenena fotsy hoditra dia manana ny azy. Ny sinoa sy ny jiosy ary ireo firenena silamo koa toy izany. Isika Malagasy koa dia nanana ny antsika saingy nofoanan'ny Frantsa izany tamin'ny 1896. Midika fiandrianampirenena ny fanana taombaovao antsika Malagasy satria rehefa tonga ohatra ny tsinambolana akaiky ny 21 martsa ka lasa andro ofisialy ny fankalazana io dia voatery miarahaba ny firenena malagasy amin'io daty nataontsika io ireo firenendehibe toy ny Frantsa.

Ny fomba enti-manantanteraka izany dia ahitana dingana maro :

Ny dingana voalohany dia nanomboka ny taona 2007 izay nankalazaina voalohany tamin'ny fomba manetsiketsika sy imasombahoaka ny Taombaovao Malagasy ary ny fampahafantarana ny rehetra ny amin'ny tokony Taombaovao Malagasy sy ny tokony hankalazana izany indray rehefa foana nandritry ny 111 taona. Fandresena lahatra ny Malagasy rehetra fa tsy fanompoantsampy ary fety antsika Malagasy sy efa nankalazaina eraky ny Nosy talohan'ny nahalasa zanatany antsika. Azo lazaina fa vita izany dingana izany satria efa mihamaro no mahalala sy miresaka ny Taombaovao Malagasy ankehitrio.

Ny dingana faharoa dia ny fifandresendahatra teo amin'ny mpankalaza ny Taombaovao Malagasy izay nihamaro tokoa mba samy hankalaza izany amin'ny tsinambolana akaiky ny 21

martsa hatrany ary ny hanaovan'ny fanjakana izany ho andro ofisialy tsy iasana nefa andraisakarama. Mahavelombolo fa efa mankalaza izany amin'ny tsinambolana akaiky ny 21 martsa ny rehetra ankoatry ny fikambanampianakaviana iray. Ny hanaovana ho andro ofisialy tsy fiasana kosa dia azo lazaina fa misy ny fanantenana satria efa mirona mankalaza eo amin'ny martsa ny Malagasy eraky ny Nosy satria ny omby indray mandry tsy indray mifoha.

Nanomboka ity taona 2014 dia miditra amin'ny dinana fahatelo isika dia ny fanaparitahana ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy eraky ny Nosy sy any ampitan-dranomasina. Azo lazaina fa efa mizotra hoamin'izany ny zava-misy satria efa maro ireo mponina avy amin'ny faritra no nanambara fa an'ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo ny Taombaovao Malagasy koa manentana ny fankalazana hatao ny 31 martsa izao toy ny Printsesy Francia RANDRIANJAFY izay taranaky ny Ampanjaka Didi-Sakalava Sofia sy Atoa Patrick Andriamamy, taranak'Andriamisara efadahy avy amin'ny Sakalava.

Dingana fahaefatra dia ny fampivadiana ny Taombaovao Malagasy amin'ny hetsika koltoraly hafa misy isaiky ny martsa aprily. Satria tombony lehibe ny fanaovana hatrany ny taombaovao malagasy amin'ny martsa-aprily satria vanimpotoan'ny fararano io ary miakatra ny vokatra eraky Madagasikara. Ny hetsika Madajazzcar, ny fihaonan'ny Malagasy any Frantsa sy La Réunion sy Etazonia, ary fihaonan'ny mpamokatra sarimihetsika fohy dia saika eo amin'io martsa-aprily io. Azo atao tsara ny misintona mpizahatany vahiny maro mandritry ny iray volana raha tsy miovaova fa amin'ny manodidina ny martsa aprily hatrany ny fankalazana ny taombaovao Malagasy. Madagasikara mihintsy izany no heverina hatao toy ireny « festival » any Brezil ireny

isaiky ny martsa-aprily ka mpizahatany amantapitrisany isantaona no handrasana amin'izany. Samy ahazo tombony amin'izany na ny mpitazona tranombahiny na ny sandambola gasy na ny mpanao asatanana malagasy.

Ny dingana manaraka koa dia ny fiarahamiasa amin'ireo mpandraharaha malagasy mba hanohana ny fikarakarana ny Taombaovao Malagasy. Satria ny fanjifana ny vokatra eto antoerana dia resaka toetsaina no mibaiko izany.

Ary farany dia miezaka mampiasa ny fitaovana fampahalalambaovao rehetra na eto antoerana na any ivelany miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka toy ny ORTANA, ny orinasa Star, ny BOA, ny ARO, sy ny maro hafa…

6. AHOANA NY FOMBAFOMBA REHETRA HATAO MANDRITRA NY FANKALAZANA?

Malalaka ny fombafomba hatao mandritra ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy satria tsy manavaka finoana sy fiaviana sy firazanana ny foto-kevidehibe. Miankina amin'ny mpikarakara izany. Marihina ihany koa fa nivoatra ny fomba fankalazana nandritra ny taonjato maro ary samy nanana ny fomba nankalazany izany ny Malagasy. Ohatra, talohan'ny nidiran'ny fivavahana kristiana dia niharo fivavahana tamin'ny razana sy sampy ny fankalazana. Tamin'ny fomba kristiana kosa no nankalazana ny Fandroana sy ny Asaramanitra nanomboka tamin'ny Radama II (1861 -1863) ka hatramin'ny faran'ny Fanjakan'i Madagasikara (1896).

Hoan'ny Trano Koltoraly Malagasy dia tsy nampiarahina finoana fa fomba no enti-mankalaza ny Taombaovao Malagasy noho ny Taombaovao Malagasy voiziny tsy manavaka finoana sy

fiaviana ary firazanana. Izany hoe noesorin'ny Trano Koltoraly Malagasy ny resaka finoana rehetra toy ny fanandratana sampy sy fandatsahana rà na fivavahana amin'ny fasana mandritra ny fankalazana. Ny fandrehetana ny « afo tsy maty » sy ny fanaovana « harendrina » ; ny tsodrano sy santatra ary zara hasina no fomba notazominy ary izany dia mety misy fiovana araka ny faritra hankalazana.

Tsy manakana ny tsirairay na antokom-pianakaviana na vohitra iray hankalaza ny Taombaovao Malagasy araka izay fombafomba tiany izany. Ny taranak'Ambohidrabiby dia mikarakara fotoampivavahana ekiomenika ary azon'ny rehetra atrehina ao amin'ny Fjkm Ambohidrabiby ny Asabotsy 29 Martsa 2013 manomboka amin'ny 2 ora hariva enti-misaotra an'Andriamanitra noho ny fahatongavan'ny Taombaovao Malagasy. Ny Fikambanana Mamelomaso ohatra dia manao araka ny fomban'ny merina isaiky ny tonga ny Taombaovaon'ny Ambanilanitra amin'io daty io. Misy sekoly mankalaza izany amin'ny seho any antsekoly amin'io andro io. Ny taranak'andriana dia afaka mankalaza izany amin'ny fombany. Miankina tanteraka amin'ny mpikarakara ny fomba.

7. RAHOVIANA NY TAOMBAOVAO MALAGASY AMIN'ITY TAONA 2014 ITY?

Ny alin'ny 30 martsa 2014 no hisy tsinambolana akaiky indrindra ny « équinoxe » ny 21 martsa saingy noho isika Malagasy mihevitra fa ny maraina no manomboka ny andro dia ny 31 martsa 2014 no tena miandoha ny taona malagasy amin'ity taona 2014 ity. Izay rehetra manana fitaovana tsinjolavitra dia afaka mahita mandritra io alina io ny fifanitsian'ny volana sy masoandro ary ny antokokitana na antokombitana alahamady

(*signe zodiacal du Bélier*) eny amin'ny lanitra raha jerena avy ety an-tany.

8. AIZA ARY INONA NY FANKALAZANA ATAO AMIN'IZANY?

Ny 30 martsa hariva dia hisy ny fandrehetana ny afo tsy maty eo Andohalo ary hoentina mankeny Ikianja Ambohimangakely izany ny androtr'io ihany. Izay rehetra vohitra na fianakaviana na olon-tsotra te-haka afo tsy maty dia afaka tonga eny Andohalo na eny Ikianja, aoka hitondra labozia.

Ny 31 martsa dia hisy ny tsodrano sy zara hasina sy santatra eny Ikianja Ambohimangakely.

Eny Imerimanjaka koa dia hisy ny hetsika mandritra ny 30 martsa hariva sy ny 31 martsa.

Eny Ambohidrabiby dia hisy fotoampivavahana ekimionika ny 29 martsa hariva manomboka amin'ny 2 ora izay anasana ny rehetra indrindra indrindra ny taranak'Ambohidrabiby tsy ankanavaka toy ny sokajin'Andriana 7 taranaky ny Mpanjaka Ralambo ary 30 martsa hariva dia hisy fandrehetana afo tsy maty sy totorebika mandramaraina ary mitohy ny 31 martsa izay anasana ireo mpitondra fanjakana maro sy Raiamandreny eto amin'ny firenena.

Ao amin'ny Tahala Rarihasina dia hisy varavarana misokatra hoan'ny rehetra momba ny taombaovao malagasy manomboka ny 29 martsa ka hatramin'ny 02 aprily 2014.

Isantaona dia misy fankalazana hatrany eny Ambohimanga Rova sy eny Avarabary Imerintsiatosika ny 30 sy 31 martsa izao.

Fa heno amin'ny haino amanjery koa fa hankalaza ny Taombaovao Malagasy koa ny any Vohémar sy any Antsirabe. Ankoatr'izany, dia maro ireo toerampisakafoanana no hanao sakafo arahakorana amin'izany ary misy sekoly maro koa hankalaza izany.

9. AIZA NY TOERANA RAISIN'NY FANJAKANA MANOLOANA NY TAOMBAOVAO MALAGASY? MANDRAY ANJARA AMIN'NY FAMPIROBOROBOANA AZY IO VE IZY IREO?

Talohan'ny taona 2013 dia tsy rototra tamin'ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy ny Fanjakana foibe satria natahotra ny tsikeran'ny mpifidy azy ireo izay maro no kristiana ary koa mbola nifamaofao be ihany ny daty marina fankalazana ny Taombaovao Malagasy. Na izany aza, Itompokovavy Nadine Ramaroson sy Ministra iray hafa dia nanotrona ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy tao amin'ny Rovan'Ambohimanga ny 03 martsa 2011 ary izy ireo no nanolotra ny taratasy fanamarinana ireo Lovahasina mpandrehitra ny afo tsy maty. Ny fanjakana itsinjarampahefana kosa toy ny Kaomina Antananarivo Renivohitra, Talata-Volonondry, Ambohimanga-Roa, Alasora, Imerimanjaka, Sabotsy Namehana ary Ankadikely Ilafy dia niara-niasa hatrany tamin'ny Trano Koltoraly Malagasy tamin'ny fikarakarana ny Taombaovao Malagasy. Ny Office Régional du Tourisme d'Analamanga koa dia mpanohana mavitrika ny hetsika Taombaovao Malagasy natao teny Ambohidrabiby sy Ambohimanga sy Antananarivo. Ny kaominina Sabotsy Namehana izay voalaza fa toerana niavian'Atoa Hery RAJAONARIMAMPIANINA, Filohan'ny Repoblika, dia indroa no nankalaza ny taombaovao Malagasy dia tamin'ny taona 2009 sy 2011. Misy mpandinika milaza fa misy ifandraisany ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy sy

ny naha-lasa Filoham-pirenena avy amin'ny taranaky ny Kaomina Sabotsy Namehana.

Tamin'ny taona 2013 anefa no tsapa fa nanomboka niova ny fijerin'ny Fanjakana Foibe ny Taombaovao Malagasy satria Atoa Jeneral Dolin RASOLOSOA, Filohan'ny Conseil Supérieur de la Transition sy mpikambana maro teo anivon'ny andrimpanjakana, no tonga nanotrona ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy teny Ambohidrabiby ary nandray fitenenana tamin'izany. Tamin'ny 2013 ihany, ny RNM dia nanokana fandaharana manokana mikasika ny Taombaovao Malagasy. Ary indrindra, Andriamatoa Tabera Randriamanantsoa, Minisitry ny Asam-panjakana sy ny Asa ary ny Lalàna Sosialy dia nihevitra ny hanao ho andro tsy fiasana ny fankalazana ny taombaovao malagasy. Ny antoko KINTANA izay tarihin'Atoa Tabera Randriamanantsoa moa dia nankalaza ny Taombaovao Malagasy ny 11 martsa 2013.

Amin'ny 31 martsa 2014 ity dia heverina fa hihamaro hatrany ny mpitondra fanjakana no hotonga hanome voninahitra amin'ny fahatongavany ny fankalazana ny taombaovao malagasy. Heverina fa tokony ho olom-pirenena tsy mizaka afa tsy zom-pirenena Malagasy, manampahaizana ary tsy manao vary amin'anana raha miteny no tokony hotendrena ho Minisitry ny Kolontsaina manomboka izao mba hampandrosoana ny maha-malagasy.

10 FANAMARIHANA MANOKANA TIANAREO MPIANDRAIKITRA ZARAINA AMIN'NY MPAMAKY?

Diso tanteraka ny filazana fa « fetin'ny Andriana » ny fankalazana ny Taombaovao Malagasy. Ny taombaovao Malagasy dia fetim-pirenena, fetin'ny ankizy sy ny olondehibe

ary tsy manavaka ny haren'ny tsirairay. Fetin'ny mpitondra fanjakana koa izany. Miantso ny Malagasy rehetra manerantany hankalaza ny Taombaovao Malagasy amin'ny 31 martsa 2014 izao araka izay fomba mety amin'ny tsirairay. Ireo vohitra na fianakaviana na toeram-piasana te hankalaza ny Taombaovao Malagasy dia afaka manatona ny Trano Koltoraly Malagasy na mifandray amin'ny Facebook « Trano Koltoraly Malagasy » na manatona eny amin'ny biraon'ny Trano Koltoraly Malagasy eny Ikianja Ambohimangakely. Maimaimpoana ny fanatrehana ny hetsika eny Andohalo sy Ikianja Ambohimangakely ary eny Ambohidrabiby mandritra ny 30 sy 31 martsa koa tongava maro. Ny mahagaga dia maro amin'ireo ankizy mpianatry ny Lycée Français sy ny Collège de France no tonga maro manatrika izany hatramin'izay. Mirary ny Malagasy eran-tany ho tratry ny Taombaovao Malagasy ny 31 martsa 2014 izao.

Misaotra ny « Taombaovao Malagasy » ny tenako tamin'ny fitondrana ireo fanazavana ireo.
Misaotra ihany koa anareo mpamaky.
Misokatra ny adi-hevitra. Manasa anareo izara ny hevitrareo manodidina ity fankalazana ny taombaovao Malagasy ity ato amin'ny ***bilaogiko****. Efa nolazaiko tery ambony ihany fa azon'ny rehetra atao ny mizara sy mampiasa azy ity am-palalahana.*

Ampela Miblaogy *http://ariniaina.mondoblog.org*
Facebook *http://facebook.com/AmpelaMiblaogy*
Twitter *http://twitter.com/ariniaina*